# Mandray andraikitra amin’ny fampiasana ny teknôlôjia

## Fizarana 1. Manokana fotoana amim-pahendrena amin’ny fampiasana ny teknôlôjia

Ao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ny Tompo dia mampiasa ny teny hoe “[m]azoto [m]irotsaka” sy “[m]idonana-poana.”

- Inona araka ny eritreritrao no dikan’ireo teny ireo?

Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary saintsaino ny zavatra ampianarin’ny Tompo momba ny fahazotoana hirotsaka sy ny fidonanaham-poana: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:27–28; 60:13; 68:31; 75:3.

- Ahoana no hamintinanao ny zavatra ampianarin’ny Tompo?

(Ao anatin’ireo fahamarinana maro, dia mety hahita anankiray toy izao manaraka izao ianao: Irin’ny Tompo isika mba hazoto hirotsaka amin’ny fanaovan-tsoa ary tsy handanilany ny fotoanantsika.)

- Ahoana no ahafantarantsika raha mandanilany ny fotoanantsika amin’ny teknôlôjia isika?

Halalino ity teny nambara manaraka ity, ka tadiavo ireo hevi-baovao momba ny fampiasana amim-pahendrena ny teknôlôjia.

Nampianatra izao ny Loholona David A. Bednar ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo:



> Ny [olona] iray tsy matotra na diso lalana dia mety hanokana fotoana be loatra amin’ny filalaovana jeux vidéo, fifampiresahana amin’ny Internet, na amin’ny fomba hafa ahafahan’ny nomerika hibahana ny zavatra araka ny tena izy. Amin’ny voalohany, ilay fampiasam-potoana dia toa tsy mampidi-doza fa raisina ho toy ny minitra vitsivitsy hahazoana ilay fanamaivanana ilaina eo anatrehan’ireo zavatra takian’ilay fandaharam-potoana mavesatra isan’andro. Saingy very ireo fotoana manan-danja azo araraotina mba hampivoarana sy hanatsarana ny fahaiza-manao eo amin’ny fifandraisana amin’olona. . . . Ny fialam-boly toa tsy hatahorana dia mety ho lasa endrika fanandevozana manimba tsikelikely. (David A. Bednar, “Things as They Really Are,” *Ensign*, June 2010, 21)

- Inona avy ireo antony ampiasain’ny olona hanamarinana ny fandanilaniana fotoana amin’ny teknôlôjia?
- Inona no manampy anao hiala amin’ny fandanilaniana ny fotoananao amin’ny teknôlôjia?
- Ahoana no mety hampidiranao ny Tompo ao anatin’ny ezaka ataonao amin’ny fampiasana amim-pahendrena ny teknôlôjia?

## Fizarana 2. Misafidy zavatra tsara avy ao amin’ny haino aman-jery

- Inona avy ireo zavatra safidinao tsy tapaka ao amin’ny haino aman-jery?
- Inona no nampianarin’ny zavatra niainanao anao izay afaka manampy anao hijanona ho akaiky kokoa ny Ray any An-danitra sy an’i Jesoa Kristy rehefa misafidy zavatra avy ao amin’ny haino aman-jery ianao?

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:23–24; Fanekem-pinoana 1:13; ary ny Môrônia 7:12–17, ka tadiavo ireo fahamarinana izay afaka manampy antsika hanavaka ny tsara sy ny ratsy.

- Inona avy ireo fahamarinana hitanao ao amin’ireo andininy ireo?

(Ao anatin’ireo fahamarinana maro dia mety hahita zavatra toy izao manaraka izao ianao: Izay manazava ny saina amam-panahy sy mandresy lahatra hanao ny tsara dia avy amin’ Andriamanitra.)

- Inona no mety ho tombontsoanao amin’ny fampiharana io fahamarinana io rehefa misafidy izay haino aman-jery hampiasaina ianao?

Ny Loholona David A. Bednar dia nanasa antsika hametraka ity fanontaniana manaraka ity amin’ny tenantsika momba ny haino aman-jery ampiasaintsika:



> Moa ve ny fampiasana ireo teknôlôjia sy haino aman-jery samihafa manasa na manakana ny fananana tsy tapaka ny Fanahy Masina ho namana eo amin’ny fiainanao? (David A. Bednar, “Things as They Really Are,” *Ensign*, June 2010, 23)

- Ahoana no ahafahanao manasa ny Fanahy Masina rehefa misafidy zavatra ao amin’ny haino aman-jery ianao?
- Inona no manampy anao hisoroka ireo karazana zavatra ao amin’ny haino aman-jery izay afaka mampanalavitra anao amin’ny Mpamonjy?

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_554-1